## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaha Ikongo

# Mila olona tsy momba ny atsy na ny aroa ny fanaovana ny famotorana

Tsy mitsahatra mihitsy ny fanehoan-kevitra, momba ny fitifirana nataon'ireo niaro ny tobin'ny zandary tany Ikongo, efa ho telo herinandro lasa izay. Nidina tany ny minisitry ny fiaroam-pirenena nandamina ny raharaha ary nitondra fanampiana ho an'ny fianakavian'ireo namoy ny ainy. Nidina tany ihany koa ny depiote voafidy tao amin'ny distrikan'Ikongo ka nanao fafy rà mba tsy hiverenan'ny fandatsahan-drà intsony. Nisy anefa ireo naratra kanefa tsy sahy namonjy hopitaly, fa niafina tany anaty ala ka efa herinandro taty aoriana vao hita ny fatiny. Nitaky ny hanaovana fanadihadiana lalina momba ity raharaha ity ny herivelona rehetra. Voalohany amin'ireo ny solombavambahoaka voafidy tany antoerana sy ny hafa ihany koa. Niaraha-nahita ny fanehoan-kevitry ny mponina vitsivitsy anisan'ny nirohotra teny amin'ny tobin'ny zandary, fa rehefa naheno ny feom-basy ireo vahoaka dia nitsoaka na dia tsy mbola tonga teny amin'ny faritra mena aza. Saika avy ao an-damosina avokoa no voan'ny bala. Ny herinandro lasa teo dia namoaka fanambarana ny filankevitry ny minisitra nanala ny lehiben'ny distrika sy ny talen'ny filaminam-bahoaka tany Vatovavy sy Fitovinany. Heverina fa tsy tomponandraikitra nanome fampitandremana ny vahoaka tany Ikongo izy ireo, ka nanome baiko tamin'ny fitifirana, ka inona no anton'ny nanesorana azy ireo teo amin'ny toerany? Ny alakamisy lasa teo dia nampiantso mpanao gazety ny sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimaria. Raha ny zavatra nambarany dia nisy tokoa ny tomponandraikitra ary tsy ny zandary irery no nitifitra, fa ny mpiandry ny fonja sy ny polisy koa. Efa nisy olona efa ho dimampolo ihany koa efa natao famotorana, ka ny fanontaniana mipetraka dia iza ireo olona ireo ary iza no nanao ny famotorana? Raha ny zandary no nanao izany dia heverina fa tsy maintsy misy tahotra teo amin'izy ireo, koa raha ny marina dia tokony ho olona na vondron'olona avy amin'ny fiarahamonim-pirenena tsy miandany ary azo itokisana no nanao ny famotorana. Ny manahirana amin'ity raharaha ity ihany koa dia ny nandaozan'ireo manampahefana rehetra na sivily na miaramila an'Ikongo taorian'ny fitifirana. Toa mahafantatra mantsy ireo manampahefana ireo, fa tsy mifandray loatra amin'ny mponina matoa vao nafanafana ny raharaha dia nitsoaka avokoa izy rehetra. Nanakiana ny depiote voafidy tao Ikongo ihany koa ny sekreteram-panjakana miadidy ny zandary, satria tsy nanatri-maso ny tranga, hono, ka tsy tokony ho nanameloka be fahatany. Mety ho marina izany kanefa na izy koa aza tsy vavolombelona nahita maso izay nitranga, fa matoky ny voalazan'izay heveriny ho azony itokisana. Nisy koa hono ny fandefasana baomba mandatsa-dranomaso kanefa toa tsy nisy tamin'ireo mponina nilaza izany. Koa tsy misy afaka mitompo teny fantatra fa manana ny marina, satria tsy afaka milaza ny sekreteram-panjakana misahana ny zandary no miteny dia izay no tsy maintsy marina. Toy izany koa ny depiote sy ny olona nijoro vavolombelona. Izany indrindra no mahatsara ny fisian'ny olona tsy momba ny atsy, tsy momba ny aroa (neutre) hanao ny famotorana satria ny somlombavamabahoaka tsy maintsy miaro ny vahoaka ary ny zandary tsy maintsy miaro ny olona eo ambany fifehezany. Tsy vao izao no nisy nibirioka (bavure) nataon'ny "mpitandro ny filaminana", ka tsy ny fiarovana ny eo ambany fifehezana (corporatisme) no hampiverina ny fitokisan'ny vahoaka ny fitsarana, na ny mpitandro ny filaminana, fa ny fanaporofoina fa nanao ny asany ara-dalàna sy mifanaraka amin'ny fifampifehezana ny hetsika atao. Tokony hanana fanetrentena rehefa miresaka amin'ny vahoaka, fa izay manetry tena no hasandratra ary heverina fa io no fomba tsara indrindra entina mandresy lahatra.

***Andry Tsiavalona***

RAHARAHAN'IKONGO

# Mifanohitra ny fanazavàna avy amin'ny zandary sy ny mponina

Mifamahofao ankehitriny ny zavatra misy any Ikongo izay namoizana aina Malagasy. Mifanohitra tanteraka ny fanazavana avy amin'ny zandarmaria sy ny vahoakan'Ikongo hoy ny fanambaràna nataon'i Tovo Ratovoarisoa Malagasy monina any ampitandranomasina sady mpikambana ao amin'ny Diaspora RMDM. Nanambara ny ampahany tamin'ny fanadihadiana vita mikasika ny fitifirana nahafatesana olona maro tany Ikongo ny SEG nandritra ny tatitra nataony tamin'ny mpanao gazety Manamarina sy manome rariny ny fitifirana ary miampanga ireo vahoaka i SEG raha ny zavatra nambarany mikasika ity raharaha Ikongo ity. Mijoro vavolombelona nefa ireo vahoaka nanatrimaso, fa olona efa nandositra no notifirin'ny zandary avy aoriana ary rehefa maty ireo olona ireo vao nafindra ny tady maritra ilay faritra mena mba ilazàna fa nandika io faritra mena io ireo olona voatifitra ireo. Izay vao tena tsy hilamina intsony ity raharaha Ikongo ity. Tsy maintsy mitady izay fomba hanadiovan-tena rahateo koa ny herim-pamoretan'ny fitondrana Rajoelina. Nanantena ny maro, fa mba tena handeha amin'ny fahamarinana ny fanadiadiana, ary ho voasazy mafy, ireo tompon'andraikitra nitifitra, na nampitifitra tamin'ity indray mitoraka ity, kinanjo, toa ho diso fanantenana sahady ny rehetra, fa dia ny omaly tsy niova indray no hipotra ao e! ( Tsisy bedy ohatran'ny mahazatra, raha vao mpomba an-dry zareo no manao fahotana mahafaty), fa lasa ireo maty sy naratra indray aza no omena ny tsiny. Mba rariny ve izany hoy Tovo Ratovoarisoa

***Helisoa***

Fetra Ralambozafimbolololona

# Tetika hangalaram-bato ny fanomezana karapanondro sy kopia faobe

Manoloana ny fikasàn'ny fanjakàna hanome karapanondro sy kopia faobe eto amin'ny firenena dia naneho ny heviny ny solombavambahoaka voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara TIM tao amin'ny boriborintany faha 5 no sady filohan'ny vondrona parlemantera Fetra Ralambozafimbolololona. Fomba ahafahana manodikodina ny voka-pifidianana hoy izy ny fanomezana karapanondro sy kopia faobe. Mampiahiahy ny fanaovana izany, izay toa atao tefy maika alohan'ny hanaovana ny fanovàna hifotony ny lisim-pifidianana. Eto hoy ny depiote Fetra Ralambozafimbololona dia hisaorana ny fijoroan'ny SMM sendikan'ny mpitsara eto Madagasikara amin'ny maha mpahay lalàna azy ireo izay nilazàny fa misy fiomanana ara-teknika sy fiaraha-miasa ary fanentanana ny mahakasika ny fanaovana kopia faobe fa tsy ataotao foana. Tsapa fa efa tsy misy intsony ny fifampitokisana eo amin' ny ratsana mpiandraikitra ny fifidianana raha ny nambarany.

Matoa ihany koa nanao fanambarana ny "Administration civile" sy ny SMM dia manahy izany izy ireo ny hisian'ny halatra amin'ny fifidianana 2023, ahiahy izay hita fa tena mitombina hoy hatrany ity solombavambahoaka ity.

***Helisoa***



Ffkm

# Hanao fotoambavaka lehibe anio ao amin'ny Md Misely Amparibe

Ho Fanarenana indray ny firenena dia hisy ny fotoampivavahana ho ataon'ny FFKM Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara anio sabotsy 17 Septambra ao amin'ny chapelle Saint Michel Amparibe. Taorian'ny fandinihan-tena sy tsy fisehoana tao anaty fotoana lavalava dia ho tanterahina ny fotoambavaka, ho fampivondronana ny sampana rehetra ary hametrahana eo am-pelantanan'ny Tompo ny hezaka sy ny asa ho tanterahina tsy ho ela. Tanjona ny hitadiavana vahaolana amin'ny fahasahiranana samihafa hianan'ny firenena. Ao anatin'izany dia hisy ny lohahevitra mahakasika ny resaka politika sy toe-karena ary sosialy miaraka amin'ny tsy fahandriam-pahalemana sy ny asan-dahalo izay miseho lany eto amin'ny firenena.

***Helisoa***

HVM

# Hanao varavarana misokatra fanokafana ny fiatrehana ny Politika

Nangina ny antoko HVM nandritra ny fotoana tsy naha teo amin'ny fitondràna ny filoha Hery Rajaonarimampianina. Nijanona tamin'ny fanaovana fanambaràna fitsekeràna niaraka tamin'ireo antoko mpanohitra no nahitana azy teo aloha. Ankehitriny kosa nifoha tamin'ny torimasony ity antoko nitantana ny firenena teo aloha ity ka hikarakara varavarana misokatra ho an'ny rehetra ho fanokafana ny fiatrehana ny raharaha politika (Rentrée Politique) ny asabotsy 24 septambra 2022 ho avy izao eny amin'ny foiben-toeran'ny HVM ao Andraharo - immeuble près Batimax - Antananarivo, manomboka amin'ny 09 ora maraina. Araka ny fandaharam-potoana izay nataon'ny mpikarakara dia hisy ny famelabelaran-kevitra arahina adi-hevitra. Fampirantiana ny drafitra fisandratan'i Madagasikara sy ireo zava-bitan'ny antoko. Fampiofanana sy fifampizarana ho an'ireo tanora sy vehivavy. Fandraisana ireo hiditra ho mpikambana vaovao ary fifampizaràna ny fianan'ny antoko.

***Stefa***

TONONKALO

## *Izay Filohanay izay !*

Aiza ny teleferika ry filohanay hajaina,
Fa toa ela ny figadony ka dia mahalasa saina.
Moa mitohy ny nofinofy sy karazan-daingalainga,
Fa ny tetikasa, hatreto, toa tsy misy mbola miainga ?

Aiza koa ny puce n`omby izay natao angoatenda,
Fa dia maro no sodoka sady toa nilendalenda.
Sa nijanona ho hira nisintonana mpandalo,
Ka vao mainka koa mandihy mifalihavanja ireo dahalo ?

Aiza ho aiza ihany koa ny fananganana tetezana,
Dia ilay hoe mihevaheva f`efa zary ihomehezana !
Ampasika sy Anosizato, mafy anie ny fitohanana,
Sa tsy hetsehina indray raha tsy efa akaiky fifidianana ?

Ary ny amin`ny fampiakarana ireo karama ambany indrindra,
Moa ve tena fampiesonana fa hatreto tsy mirindra ?
Teny foana sy kabary, tsisy didy fampiharana,
Nefa dia ny mpiasa hatrany no atao tohatra fiakarana !

Toamasina ho Miami, Ambato havadika ho Parisy ?
Tena hevi-jazakely fa izany aloha tsy hisy !
Ka izay mety ho revin-gadra, aleo hivalona ho tantara,
Fa tsy nofy no hitantanana an`i Madagasikara !

…Izany ilay filohantsika raha miteny sy mitafa.
Mitomany irony randrana `zay manendrika ny hafa !
Hala-tahaka no tiany, hala-tahaka no maminy,
Ka tsy ho ela dia ho foana izay mba "gasy" mbola ao aminy !

***TSIMIMALO (15-09-22)***